Malagasy

# Cherishing Life

By Elder Neil L. Andersen
*Of the Quorum of the Twelve Apostles*

# Mankamamy ny aina

Nataon'ny Loholona Neil L. Andersen
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

April 2025 general conference

---

*Life is a most precious part of our Father's perfect plan, and by His decree we cherish and preserve life.*

*Ampahany sarobidy indrindra eo amin'ny drafitra tonga lafatry ny Raintsika ny aina, ary noho ny lalàny dia ankamamiantsika sy arovantsika izany.*

Our Savior, Jesus Christ, taught us, "By this shall all men know that ye are my disciples, if ye have love one to another."

A bishop in Utah recently shared with me an outpouring of love in his ward for a young woman and her family. Through a series of beautiful events, the parents determined to return to the Savior and His Church. During the time they were distant from the Church, their teenage daughter was involved with a young man. Returning, this precious daughter felt immense love from her Heavenly Father during a Young Women testimony meeting. She determined to more fully live the commandments. She wrote, "I began the repentance process with my bishop."

Nampianatra antsika i Jesoa Kristy Mpamonjintsika hoe: "Izany no hahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro hianareo, raha mifankatia."

Nozarain'ny eveka iray tao Utah vao tsy ela tamiko ny fitobaham-pitiavana tao amin'ny paroasiny ho an'ny zatovovavy iray sy ny fianakaviany. Tao anatin'ny trangan-javatra kanto maro nifanesy no naha-tapa-kevitra ny ray aman-dreniny hiverina amin'ny Mpamonjy sy amin'ny Fiangonany. Nandritra ny fotoana nanalaviran'izy ireo ny Fiangonana dia niaraka tamina zatovolahy iray ny zanak'izy ireo vavy vao zatovo. Rehefa niverina navitrika ity zanakavavy sarobidy ity dia nahatsapa fitiavana mihoam-pampana avy tamin'ny Rainy any An-danitra nandritra ny fivoriana fijoroana ho vavolombelona an'ny Zatovovavy. Nanapa-kevitra ny hiaina feno kokoa ireo didy izy. Nanoratra izy hoe: "Nanomboka ny dingan'ny fibebahana niaraka tamin'ny evekako aho."

Soon after, she became ill. In her words: "[A] test showed … I was pregnant. I … began to cry. … My dad wrapped me in his arms and assured me everything [would] be OK. … My boyfriend … asked me to get rid of the baby. … I declined."

Tao aoriana kelin'izay, dia lasa narary izy. Araka ny teniny dia hoe: "Nisy fitiliana naneho fa … bevohoka aho. Nanomboka nitomany aho. … Nofihinin'ny dadako teo an-tsandriny aho ary nomeny toky fa hilamina avokoa ny zava-drehetra. … Nangataka ahy ilay sakaizako … hanala ilay zaza. … Nandà aho."

## Care for Those in Need

## Fikarakarana ireo izay mila fanampiana

She continued: "I have received so much love and support from our ward family. It has been overwhelming. [My] bishop and Young Women

Notohizany hoe: "Nandray fitiavana sy fanohanana betsaka tokoa izahay avy tamin'ilay paroasin'ny fianakavianay. Nahavariana izany. Ny

president have gone above and beyond to show their love and support. … I have seen the Lord's hand … guiding me and my family. … A ward such as mine is the family everyone needs, especially a young woman in my position."

eveka[ko] sy ny filohan'ny Zatovovavy dia nanao mihoatra noho izay azo nantenaina tamin'ny fanehoan'izy ireo ny fitiavany sy ny fanohanany. … Nahatsapa ny tanan'ny Tompo aho … nitari-dalana ahy sy ny fianakaviako. Paroasy toy ny ahy no fianakaviana ilain'ny tsirairay, indrindra ny zatovovavy iray tratran'ny toe-javatra mahazo ahy."

She and her family, and her ward family, lovingly welcomed her baby boy this past February.

Nandray tsara ny zanany lahikely tamim-pitiavana izy sy ny fianakaviany ary ny paroasiny tamin'ny volana febroary teo.

President Russell M. Nelson said, "A hallmark of the Lord's true and living Church will always be an organized … effort to minister to individual children of God … [ministering with loving-kindness] to the one, just as He did."

Nilaza ny Filoha Russell M. Nelson hoe: "Ny toetra iray mampiavaka hatrany ny Fiangonan'ny Tompo izay marina sy velona dia ny asa iray voarindra … hanompo ny zanak' Andriamanitra tsirairay … [manompo amin-katsaram-panahy feno fitiavana] ny tsirairay tsy misy hafa tamin'ny nataony."

## Helping Righteous Choices

## Fanampiana amin'ny fanaovana safidy marina

When a single woman discovers that she is expecting an unanticipated child, health concerns, spiritual turmoil, embarrassment, financial worries, educational questions, marriage uncertainty, and the sadness of shattered dreams can, in a moment of pain and bewilderment, lead a thoughtful woman to take steps that will bring deep pain and regret.

Rehefa misy vehivavy iray tsy manambady mahita fa mitondra vohoka tsy nampoizina izy, dia mety hitarika izany vehivavy sahiran-tsaina izany ao anatin'ny fotoana feno fanaintainana sy tebiteby handray fanapahan-kevitra hitondra nenina sy fahoriana lalina ny olana ara-pahasalamana, ny korontana ara-panahy, ny henatra, ny olana ara-bola, ny resaka fianarana, sy ny tsy maha-azo antoka ny fanambadiana ary ny alahelo noho ireo nofinofy rava.

For any listening who have experienced the deep pain and regret from having or participating in an abortion,please remember: Although we cannot change the past, God can heal the past.Forgiveness can come through the miracle of His atoning grace as you turn to Him with a humble and repentant heart.

Ho an'iza na iza mpihaino eto ka efa niaina nenina sy fanaintainana lalina vokatry ny fanalana zaza na fandraisana anjara tamin'izanyno iangaviako hoe tadidio fa: Na dia tsy afaka manova ny lasa aza isika, dia Andriamanitra mahay manasitrana ny lasa.Mety tonga amin'ny alalan'ny fahagagana avy amin'ny sorona feno fahasoavana nataony ny famelan-keloka rehefa miverina Aminy amin'ny fo manetry tena sy mibebaka ianao.

Two words are often attached to the sanctity of mortal birth: life and choice. Life is a most precious part of our Father's perfect plan, and by His decree we cherish and preserve life; and we choose the continuation of life once conceived. We also treasure the gift of choice, of moral agency—helping to strengthen righteous choices approved by God that bring eternal happiness.

Teny roa mazàna no mifandray amin'ny fahamasinan'ny fahaterahana eto an-tany dia: ny aina ary ny safidy. Ampahany sarobidy indrindra eo amin'ny drafitra tonga lafatry ny Raintsika ny aina, ary noho ny lalàny dia ankamamiantsika ny aina, arovantsika, ary safidiantsika ny fanohizana ny aina raha vao manomboka miforona izany. Sarobidy amintsika ihany koa ny fahazoana misafidy, ny fahafahana misafidy ara-môraly, manampy amin'ny fanamafisan'orina ireo safidy tsara ankatoavin' Andriamanitra izay mitondra

When a woman and a man are in such a fragile time, facing a crucial choice, our words, our hands, our hearts—spiritually, emotionally, and financially—can bless them to feel the Savior's love and, as President Henry B. Eyring has said, bring a clarifying adjustment to their spiritual eyes from "what they think they see" to "what they cannot yet see."

fahasambarana mandrakizay.

Rehefa misy vehivavy iray sy lehilahy iray ao anatin'ny fotoan-tsarotra tahaka izany, miatrika safidy saropady, dia afaka mitondra fitahiana ho azy ireo amin'ny lafiny ara-panahy sy ara-pihetseham-po ary ara-bola ny tenintsika sy ny tanantsika ary ny fontsika, mba hahafahan'izy ireo mahatsapa ny fitiavan'ny Mpamonjy, ary afaka mitondra fahatakarana ho an'ny masom-panahin'izy ireo, arak'ilay nolazain'ny Filoha Henry B. Eyring hoe "miainga avy amin' "izay heverin'izy ireo fa hitany" mankamin' "izay mbola tsy hitany."

## The Doctrine of Mortal Life

President Dallin H. Oaks said: "Our attitude toward abortion is not based on revealed knowledge of when mortal life begins. … It is fixed by our knowledge that … all of the spirit children of God must come to this earth for a glorious purpose, and that individual identity began long before conception and will continue for all the eternities to come."

The word of the Lord concerning the unborn, given voice through the First Presidency and the Quorum of the Twelve Apostles, has never varied and echoes the words of prophets through the ages, giving divine clarity to what the Lord has asked of us.

"The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints believes in the sanctity of human life. Therefore, the Church opposes elective abortion for personal or social convenience, and counsels its members not to submit to, perform, encourage, pay for, or arrange for such abortions.

"The [Lord] allows for possible exceptions … when:

Pregnancy results from rape or incest, or

A competent physician determines that the life or health of the mother is in serious jeopardy, or

## Ny fotopampianaran'ny fiainana an-tany

Hoy ny Filoha Dallin H. Oaks: "Ny fihetsitsika manoloana ny fanalan-jaza dia tsy mifototra amin'ny fahalalana nambara mikasika ny fotoana hiantombohan'ny fiainana an-tany. … Fa voafaritry ny fahalalantsika fa … ireo fanahy zanak' Andriamanitra rehetra dia tsy maintsy tonga eto amin'ity tany ity ho an'ny tanjona iray feno voninahitra, ary ny maha izy azy ny tsirairay dia nanomboka fotoana ela mialohan'izy nitsaika tao am-bohoka, ary hitohy mandritra ny mandrakizay manontolo izay ho avy."

Ny tenin'ny Tompo mikasika ireo izay tsy mbola teraka, izay nambarany tamin'ny alalan'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia tsy niovaova mihitsy ary mamerina ny tenin'ireo mpaminany hatrizay hatrizay, ka mitondra hazavana avy amin' Andriamanitra amin'izay takin'ny Tompo amintsika.

"Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia mino fa masina ny ain'olombelona. Araka izany, ny Fiangonana dia manohitra ny fampitsaharana an-tsitrapo ny fitondrana vohoka noho ny fikatsahana izay maha-metimety ny tena na maha-metimety eo amin'ny fiarahamonina; ary manoro hevitra ny mpikambana ao aminy mba tsy hanaiky halana zaza, na hanatanteraka izany, na hamporisika, na hiantoka ara-bola, na hanao izay hahatontosa ny fanalan-jaza tahaka izany.

"Ny [Tompo] dia mamela ny mety hisian'ny tranga maningana rehefa:

Vohoka vokatry ny fanolanana na firaisana tamin'olom-pady, na

Nofaritan'ny dokotera iray matihanina fa tena tandindomin-doza ny aina na ny fahasalaman'ilay reny, na

A competent physician determines that the fetus has severe defects that will not allow the baby to survive beyond birth."

The First Presidency continues: "Abortion is a most serious matter. [Even in these rare situations] it should be considered only after the persons responsible have received confirmation through prayer"and counseled with others.

Thirty years ago, the Lord's prophets issued a proclamation to the world. It includes these words:

"We … declare that God has commanded that the sacred powers of procreation are to be employed only between man and woman, lawfully wedded as husband and wife.

"We declare the means by which mortal life is created to be divinely appointed. We affirm the sanctity of life and of its importance in God's eternal plan."

Nurturing and protecting life that is yet unborn is not a political position. It is a moral law confirmed by the Lord through His prophets.

## Speaking More Openly

A statement by President J. Reuben Clark Jr., who served in the First Presidency, beautifully describes our youth today: "The youth of the Church are hungry for things of the Spirit; they are eager to learn the gospel, and they want it straight, undiluted. They want to know about … our beliefs; they want to gain testimonies of [the] truth. They are … inquirers, seekers after truth."Let us speak more often with faith and compassion to our youth in our homes, and with each other in our Relief Society and elders quorum meetings, about the Lord's law of chastity, the sanctity of life, and the care of the unborn and their mothers.

A dear sister wrote to me of an experience she had decades ago: "As a 17-year-old … , I

Misy mpitsabo manam-pahaizana manokana momba izany mamaritra fa misy fahasamponana goavana eo amin'ilay zaza ao am-bohoka ka tsy hahafahan'ilay zaza hiaina aorian'ny fahaterahany."

Manohy izany ny Fiadidiana Voalohany hoe: "Tena raharaha mavesa-danja ny fanalan-jaza. [Na dia amin'ireo toe-javatra mahalana ireo aza] dia tsy tokony hoheverina ny hanaovana izany raha tsy efa nahazo fanamafisana tamin'ny alalan'ny vavaka ireo olona tompon'andraikitra"ary efa nila hevitra tamin'olona hafa.

Namoaka fanambarana ho an'izao tontolo izao ny mpaminanin'ny Tompo telopolo taona lasa izay. Ahitana ireto teny ireto ao anatin'izany:

"Ambaranay … fa Andriamanitra dia nandidy fa ny lehilahy sy ny vehivavy nivady ara-dalàna ihany no tokony hampiasa ny fahefana masin'ny fananahana.

"Ambaranay fa ny fomba namoronana ny fiainana an-tany dia tendrin' Andriamanitra. Hizingizininay ny fahamasinan'ny [aina] sy ny maha-zava-dehibe izany eo amin'ny drafitra mandrakizay an' Andriamanitra."

Tsy foto-kevitra ara-pôlitika ny fikolokoloana sy ny fiarovana ny aina izay tsy mbola teraka. Lalàna ara-pitondrantena izany izay nohamafisin'ny Tompo tamin'ny alalan'ireo mpaminaniny.

## Firesahana mivantana kokoa

Ny teny nolazain'ny Filoha J. Reuben Clark Jr, izay mpikambana tao amin'ny Fiadidina Voalohany, dia mamariparitra amin'ny fomba kanto tokoa ny zatovontsika ankehitriny: "Maniry fatratra ireo zavatry ny Fanahy ireo zatovo ato amin'ny Fiangonana. Dondona ny hianatra ny filazantsara izy ireo, ary ilain'izy ireo ho tsotra sy mazava izany. Te hahafantatra mikasika ny … finoantsika izy ireo; te hahazo fijoroana ho vavolombelona momba ny fahamarinana izy ireo. Izy ireo dia … mpikaroka, mpikatsaka ny fahamarinana."Andeha isika hiresaka matetika kokoa amim-pinoana sy amim-pangorahana amin'ireo zatovontsika any amin'ny fianakaviantsika, ary amin'isika samy isika any amin'ireo fivorian'ny Fikambanana Ifanampiana sy ny an'ny kôlejin'ny loholona, mikasika ny lalan'ny fahadiovam-pitondrantena izay an'ny Tompo, sy ny fahamasinan'ny aina, ary ny fikarakarana ny zaza ao am-bohoka sy ny renin'izy ireo.

Nisy ranabavy malala iray nanoratra tamiko momba ny zavatra niainany am-polotaonany

found myself pregnant with little to no support from my boyfriend. I felt ashamed and alone [but I] never considered [an abortion]. … I [had] my loving family and my bishop, with whom I met regularly for guidance. … I turned to God. I studied the scriptures … and prayed [and] found strength through my Savior and the repentance process. … I received an answer [to my prayers] that I could not deny. … It was heartbreaking, but I knew I would be placing my daughter for adoption. … I prayed for courage [and] felt the Savior's love so clearly through repentance, I know that God … answers prayers and strengthens us."

A loving couple adopted the precious baby girl and taught her the gospel. She is now married with a beautiful family of her own.

At times, profoundly difficult and agonizing uncertainty can accompany the protection of life.

Recently a young couple whom Kathy and I love wrote me about the precious baby they were expecting.

The father wrote: "[When my wife was] 10 weeks pregnant we found out that our miracle baby has the genetic condition of trisomy 21, commonly known as Down syndrome. We felt the pressure … from the medical field to consider termination. A few weeks later we discovered … our unborn child … would require multiple heart surgeries in her first year of life. Throughout this process as we prayed fervently for divine help, … we have felt the Spirit give us comfort. We received revelation and understanding that our daughter is an elite child of Heavenly Father and has an immense desire to be in our family and to come to earth."

The baby's mother wrote: "[We] were completely shocked, confused, and honestly devastated by the news. … When I was 14 weeks pregnant, we found out that our baby had multiple congenital heart defects, one that could be potentially fatal. We saw countless doctors and special-

lasa izay: "Fony aho 17 taona … , dia bevohoka aho kanefa tsy nahazo fanohanana avy tamin'ilay sakaizako. Nahatsiaro tena ho menatra sy irery aho, [saingy] tsy nieritreritra ny [hanala zaza] mihitsy. … [N]anana ny fianakaviako be fitiavana aho sy ny evekako, izay nihaona tamiko matetika hitari-dalana ahy. … Nitodika tamin' Andriamanitra aho. Nandalina ny soratra masina aho … ary nivavaka [ka] nahazo hery tamin'ny alalan'ny Mpamonjiko sy ny fizotran'ny fibebahana. … Nandray ny valin'ireo [vavaka nataoko] aho izay tsy azoko nolavina. … Nahavaky fo izany saingy fantatro fa hateriko ho atsangana ilay zanako vavy. … Nivavaka aho nangataka herim-po [ary] nahatsapa mazava tokoa ny fitiavan'ny Mpamonjy nandritra ny fibebahana, fantatro fa … mamaly vavaka Andriamanitra ary mankahery antsika."

Nanangana ilay zazavavy kely sarobidy ny mpivady be fitiavana iray ary nampianatra azy ny filazantsara. Efa manambady izy izao ary manana ny fianakaviany manokana.

Indraindray ny fitandroana ny aina dia mety miaraka amina ahiahy faran'izay sarotra sy mampitebiteby fatratra.

Vao haingana no nisy mpivady vao tinay sy Kathy izay nanoratra tamiko mikasika ny zaza mamikely ao an-kibony.

Nanoratra ilay rainy hoe: "[Tamin'ny vadiko] bevohoka 10 herinandro dia lasa nahafantatra izahay fa ilay zazakely endri-pahagagana ho anay dia manana ilay aretina manaranaka antsoina hoe trisomie 21, mazàna fantatra amin'ny hoe syndrome de Down. Tsapanay ny faneriterena … avy tamin'ny tontolon'ny mpitsabo hiheveranay ny fampitsaharana ny vohoka. Herinandro vitsivitsy taty aoriana dia nahafantatra izahay fa … ilay zanakay mbola tao am-bohoka … dia hila fandidina maro amin'ny fony mandritra ny taona voalohany hiainany. Nandritra izany, raha nivavaka mafy izahay mba hampian' Andriamanitra, … dia nahatsapa ny Fanahy nanome fampiononana anay. Nandray fanambarana sy fahatakarana izahay fa ilay zanakay vavy dia zanaky ny Ray any An-danitra tena sangany ary manam-paniriana mafy ho ao amin'ny fianakavianay sy ho tonga ety an-tany."

Izao no nosoratan'ny renin'io zaza io: "Nampivarahontsana [anay] tanteraka sy nampikorontan-tsaina ary raha ny marina nahavalaketraka anay ilay vaovao. … Rehefa bevohoka 14 herinandro aho dia nahafantatra izahay fa nisy fahasamponana maro tamin'ny

ists from 10–18 weeks' gestation. … At each of our appointments, we were asked if we wanted to continue with the pregnancy or terminate. … The Savior healed my heart and gave me a sense of peace and excitement about our baby girl. … [Heavenly Father] has shown me time and time again that He has a perfect plan for me [and] I trust Him."

fon'ilay zazakelinay, ary ny iray dia mety hahafaty azy. Nanatona dokotera sy matihanina tsy tambo isaina izahay teo anelanelan'ny 10 sy 18 herinandro nitondrana vohoka. … Isaky ny fihaonana tamin'ireo, dia nanontaniana izahay raha naniry hanohy ny fitondrana vohoka na hampitsahatra izany. … Nositranin'ny Mpamonjy ny foko, ary nomeny fahatsapana fiadanana aho sy fientanentanana momba ilay zazavavikelinay. … Nasehon'ny [Ray any An-danitra] ahy ombieny ombieny indray fa manana drafitra tonga lafatra ho ahy Izy [ary] natoky Azy aho."

They excitedly welcomed their baby girl exactly one week ago today. She is theirs and they are hers forever.

Nahazo ilay zazavavikeliny tamin-kafaliana izy ireo herinandro lasa katroka androany izay. Zanany mandrakizay izy ary ray aman-dreniny mandrakizay izy ireo.

Undaunted faith and remarkable courage are hallmarks of disciples of Jesus Christ.

Finoana tsy voahozongozona sy herim-po miavaka no mampisongadina ireo mpianatr'i Jesoa Kristy.

## A Remarkable Example of Faith

## Ohatry ny finoana tena mahavariana

Through the years, I have had the privilege of meeting with men and women who have humbly sought to return to the covenant path and to their priesthood and temple blessings many years after a loss of their membership.

Nandritra ny taona maro aho no nanana tombontsoa nihaonana tamina lehilahy sy vehivavy maro izay nikatsaka tamim-panetrentena hiverina amin'ny lalan'ny fanekempihavanana sy amin'ireo fitahian'ny fisoronana sy ny tempoly, taona maro taorian'ny namoizan'izy ireo ny maha-mpikambana azy ireo.

On one occasion, I was to interview a man on behalf of the First Presidency for the restoration of his priesthood and temple blessings.

Indray mandeha aho voatendry hisolo tena ny Fiadidiana Voalohany hanao tafa sy dinika tamin'ny lehilahy iray ho famerenana amin'ny laoniny ireo fitahian'ny fisoronana sy ny tempoly ho azy.

After his marriage in the holy temple, and after having three wonderful children, the man was unfaithful to his wife and his sacred covenants. A single woman became pregnant and wanted an abortion.

Taorian'ny nanambadiany tao amin'ny tempoly masina, ary taorian'ny nahazoana zanaka telo mahafinaritra, dia nanitsakitsaka ny vadiny sy ireo fanekempihavanana masina nataony io lehilahy io. Nisy vehivavy iray tokan-tena bevohoka ary naniry hanala zaza.

The husband's saintly wife pleaded with the woman to have the baby and promised that she would raise the child, once he was born, with her own children.

Nitalaho tamin'io vehivavy io ilay vady manana toetra masin'ilay lehilahy mba hitazonany ilay vohoka, ary nampanantena izy fa rehefa teraka ilay zaza dia hotezainy miaraka amin'ireo zanaka naterany.

The single woman thoughtfully agreed not to end the pregnancy.

Nanaiky taorian'ny fandinihana ny tsy hampitsahatra ny vohoka ilay vehivavy tokan-tena.

It had now been 10 years. The humble sister sitting in front of me loved the boy as her own and told me of her husband's efforts to make amends and to love and care for her and the family. The father wept as she spoke.

10 taona izay no lasa. Ilay vehivavy feno fanetrentena nipetraka teo anoloako dia tia an'ilay zazalahikely tahaka ny naterany, ary nilaza tamiko mikasika ny ezaka ataon'ny vadiny hanonitra ary hitia sy hikarakara azy sy ny fian-

How could this noble woman of God take a child as her own who could be a daily reminder of the unfaithfulness of her husband? How? Because she found strength through Jesus Christ and she believed in the sacredness of life, the holiness of life. She knew the unborn child was a child of God, innocent and pure.

My dear brothers and sisters, the diminishing love for unborn children worldwide is a grave concern. God cherishes life. It is His work and His glory to bring immortality and eternal life to His children.As disciples of Jesus Christ, we cherish life. "By this shall all men know that ye are my disciples, if ye have love one to another."May we share our love even more abundantly with those who need us so desperately. I express my love for you and our Heavenly Father's love for His children coming to earth. In the name of Jesus Christ, amen.

akaviany. Nitomany ilay raim-pianakaviana raha teo am-pitantarana izany ilay vadiny.

Ahoana no nahafahan'ity vehivavy tena tsaran' Andriamanitra ity handray zaza iray ho toy ny azy kanefa mety hampahatsiahy azy isan'andro ny fanitsakitsahana nataon'ny vadiny? Fomba ahoana? Nahazo hery tao amin'i Jesoa Kristy izy, ary nino izy fa masina ny aina. Nahafantatra izy fa zanak' Andriamanitra ilay zaza mbola tsy teraka ary tsy manan-tsiny sy madio.

Ry rahalahy sy anabavy malalako, olana goavana ny fihenan'ny fitiavana maneran-tany ho an'ireo zaza ao am-bohoka. Mankamamy ny aina Andriamanitra. Asany sy voninahiny ny manome tsy fahafatesana sy fiainana mandrakizay ho an'ireo zanany.Amin'ny maha-mpianatr'i Jesoa Kristy antsika dia mankamany ny aina isika. "Izany no hahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro hianareo, raha mifankatia."Enga anie isika ho vao mainka hizara bebe kokoa ny fitiavantsika amin'ireo izay mila antsika fatratra tokoa. Ambarako aminareo ny fitiavako anareo sy ny fitiavan'ny Raintsika any An-danitra an'ireo zanany izay ho tonga ety an-tany. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.